



REPUBLIKAN'I MADAGABIKARA  
Fitavahana - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPUBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA  
TAONA 2019**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-22

- FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLA-PANDAHARAM-POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA MANOMBOKA NY ALATSINAINY 4 NOVAMBRA 2019 KA HATRAMIN'NY ALATSINAINY 25 NOVAMBRA 2019, NOVOLAVOLAINA TANY AMIN'NY DINIKY NY FILOHA;
- FIFIDIANANA IREO SOLOMBAVAMBAHOAKA ROA TOMPON-TOERANA SY ROA MPISOLOTOERANA HO ENY AMIN'NY FITSARANA AMBONY NA NY HCJ

Fivoriana faha-9

Natao ny

Alarobia 6 Novambra 2019

- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa isany: - RAKOTOMANGA Lantoarivola Sadera  
- ANGELE Solange

**FOTOANA:** Alarobia 6 Novambra 2019, tamin'ny 11 ora sy 35 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** - Fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavola-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alatsinainy 4 Novambra 2019 ka hatramin'ny Alatsinainy 25 Novambra 2019, novolavolaina tany amin'ny Diniky ny Filoha.

- Ffidianana ireo Solombavambahoaka roa tompon-toerana sy roa mpisolotoerana ho eny amin'ny Fitsarana Ambony na ny HCJ.

Nitohy ny fivorian'ny Antenimierampirenena ny Alarobia 6 Novambra 2019, tamin'ny 11 ora sy 35 minitra, atoandro, ka Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohany no nitarika izany.

Fiarahabana ny mpivory no nambohany ny fitenenana. Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana voalaza etsy ambony ny tenany ary niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana izy.

Nanatontosa izany Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sadera.

Mbola niangaviany fanindroany hamaky ny famintinana ny fivoriana nataon'ny "Conférence des Présidents" ny Talata 5 Novambra 2019 hatrany ny tenany, ka toy izao no fivakin'izany:

Nivory ny Talata faha-5 Novambra 2019 nanomboka tamin'ny 3 ora sy 15 minitra, tolak'andro, ny «Conférence des Présidents».

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny "Conférence des Présidents" sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany (jereo ny tovana).

Fiarahabana ireo mpivory tonga nanatrika ny fivoriana no nanombohan-dRamatoa Filoha ny fitenenana. Alohan'ny hidirana amin'ny votoatin-draharaha hoy izy dia tiako ny mampahafantatra antsika, fa tonga taty amin'ny Antenimierampirenena ny marainan'ny Talata faha-5 Novambra teo, Ramatoa Minisitry ny Mponina sy ny Fiahiana ara-Tsosialy.

Niangavy antsika izy mba hanokana fotoana amin'ny faha-15 Novambra izao, fa hisy fanentanana manokana mikasika ny "Protocole à la Charte Africaine des Droits de l'Homme et des Peuples relatif aux droits des femmes en Afrique".

Izany fotoana izany dia iarahana amin-dRamatoa Vadin'ny Filohampirenena.

Novakiana avy eo ny volavolam-pandaham-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivoriant'izy ireo ny Alatsinainy faha-4 Novambra tamin'ny 10 ora, maraina.

Nisy ny adihevitra ary nitondra fanitsiana ny teboka sasany ny "Conférence des Présidents".

Toy izao ary ny volavolam-pandaharam-potoana manomboka ny Alatsinainy faha-4 Novambra 2019 ka hatramin'ny Alatsinainy faha-25 Novambra 2019 tapaka, ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe ny Alarobia faha-6 Novambra 2019 amin'ny 10 ora, maraina, mba handraisana fanapahan-kevitra farany.

(Jereo ny tovana)

### **ORDRE DU JOUR**

Pour la période du **LUNDI 04 NOVEMBRE 2019** au **LUNDI 25 NOVEMBRE 2019**

#### **LUNDI 04 NOVEMBRE 2019**

**10H 00**: Réunion des membres du Bureau Permanent

#### **MARDI 05 NOVEMBRE 2019**

**15H 00**: Conférence des Présidents - *Salle B.P*

#### **MERCREDI 06 NOVEMBRE 2019**

**10H 00**: SEANCE PLENIERE - *Salle des Séances*  
-Adoption de l'ordre du jour

**15H 00**: Dépôt de Déclaration de patrimoine auprès de la Haute Cour Constitutionnelle (HCC) -  
*Ambohidahy*

#### **JEUDI 07 NOVEMBRE 2019**

**10H 00**: Réunion des membres du Bureau Permanent avec le Ministre de l'Economie et des  
Finances - Salle BP

#### **VENDREDI 08 NOVEMBRE 2019**

**09H00** et **15H 00**: TRAVAUX DES COMMISSIONS

- Commission chargée de l'examen des demandes de suspension de la détention, des mesures privatives et restrictives de liberté ou de la poursuite d'un Député (*Saisie au fond*)

- **Commission Juridique (*Saisie pour avis*)- Bibliothèque**

- Requête du Député RAVELOSON Ludovic Adrien élu à MAHABO.

**LUNDI 11 NOVEMBRE 2019**

**09H00 et 15H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS - Salle BP**

- **Commission chargée de l'examen des demandes de suspension de la détention, des mesures privatives et restrictives de liberté ou de la poursuite d'un Député (*Saisie au fond*)**
- **Commission Juridique (*Saisie pour avis*)**

- Requête du Député RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena élu à FANDRIANA.

**SEANCES PLENIERES - Salle des Séances**

**MERCREDI 13 NOVEMBRE 2019**

**10H 00: Séance de travail sur L'APATRIDIE avec le Focus Development Association et le Haut-Commissariat pour le Réfugié (HCR)**

**15H 00: Séance d'Information sur la lutte contre la corruption par le Bureau Indépendant Anti-Corruption (BIANCO)**

**SEANCES PLENIERES - Salle des Séances**

**JEUDI 14 NOVEMBRE 2019**

**10H 00: Rencontre de l'UNICEF avec les membres des Commissions:**

- **Commission de la Population et de la Protection Sociale**
- **Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques**
- **Commission des Finances et du Budget**
- **Commission de l'Education Nationale**
- **Commission de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle**
- **Commission de la Santé Publique**
- **Commission du Commerce et de la Consommation**
- **Commission de la Jeunesse et des Sports**
- **Commission de la Fonction Publique, du Travail et des Lois sociales**
- **Commission de la Culture, du Patrimoine et de la Promotion Artistique**
- **Commission du Genre et du Développement**

**VENDREDI 15 NOVEMBRE 2019**

**10H 00: Requête du Député RAVELOSON Ludovic Adrien élu à MAHABO.**

**15H 00: Requête du Député RASOLOMAMPIONONA Hasimpirenena élu à FANDRIANA.**

TRAVAUX DE COMMISSION  
LUNDI 18 NOVEMBRE 2019

**09H00 et 15H 00: Commission Juridique (Saisie fond) - Salle BP**

- Proposition de Résolution portant Code d'éthique et de déontologie de l'Assemblée nationale, présentée par Le Député ANDRIANAMBININA Djohary Lee élu à Vondrozo.

**JEUDI 21 NOVEMBRE 2019**

**10H 00 et 15H00:** Proposition de Résolution portant Code d'éthique et de déontologie de l'Assemblée nationale, présentée par Le Député ANDRIANAMBININA Djohary Lee élu à Vondrozo

**LUNDI 25 NOVEMBRE 2019**

**10H 00: Réunion des membres du Bureau Permanent- Salle BP**

**FICHE DE PRESENCE**  
**CONFERENCE DES PRESIDENTS**

**DATE:** 05 Novembre 2019

**HEURES:** 15H 00

**MEMBRES DU BUREAU PERMANENT**

N° d'ordre	NOMS ET PRENOMS	FONCTION
1	<b>RAZANAMAHASOA Christine Harijaona</b>	<b>Présidente</b>
2	<b>HENRI Jean Michel</b>	<b>Premier Questeur</b>
3	<b>RABENIRINA Maminiaina</b>	<b>Troisième Questeur</b>
4	<b>ANGELE Solange</b>	<b>Rapporteur Général</b>

**PRESIDENTS DES COMMISSIONS**

N°d'ordre	COMMISSIONS PERMANENTES	NOMS ET PRENOMS	ENTITE
01	<b>Commission des Ressources Stratégiques</b>	MOHAMAD Ahmad	IRD
02	<b>Commission de la Défense Nationale</b>	VELOMAHAZO Patrice	IRD
03	<b>Commission des Finances et Budget</b>	ANDRIAMAHASOA Doda Nirimboavonjy	IRD
04	<b>Commission de l'Industrie et du Développement du Secteur Privé et des Petites et Moyennes Entreprises</b>	ANDRIAMBELOSOA Heriniaina	IRD
05	<b>Commission de l'Economie et de la Planification</b>	ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy	TIM

06	<b>Commission de Transport et de la Météorologie</b>	RAJOELILNA ANDRIAMIHARIMANANA Seth	IRD
07	<b>Commission de l'Élevage et de la Protection Animale</b>	RAYMOND	Indépendant
08	<b>Commission de la Sécurité Publique</b>	NAKANY Charly Zafimagnely	IRD
09	<b>Commission des Ressources Halieutiques et de la Pêche</b>	BAOFENO Micheline	Indépendante
10	<b>Commission de la Communication, Information et des Relations avec les Institutions</b>	RAKOTONDRA SOA Fetra	IRD
11	<b>Commission de la Population et de la Protection Sociale</b>	RATSIMANDRIONA Aida Hardy	IRD
12	<b>Commission Chargée de l'examen des demandes de suspension de la détention, des mesures privatives et restrictives de liberté ou de la poursuite d'un Député</b>	RAKOTOMALALA Lucien	IRD

#### **PRESIDENTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES**

N° d'ordre	GROUPES PARLEMENTAIRES	NOMS ET PRENOMS
1	<b>GPR</b>	Neypatraiky RAKOTOMAMONJY
2	<b>IRD</b>	VELONTSARA Paul Bert

#### **REPRESENTANTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES**

N° d'ordre	GROUPES PARLEMENTAIRES	NOMS ET PRENOMS
1	<b>GPR</b>	SATRA Augustin

#### **REPRESENTANTE DU GOUVERNEMENT:**

-YAMICOLE Franckline

Chef SRI/Primature

Taorian'izay, nisaotra ny Mpitantsoratra Ramatoa Filoha, ary nanambara fa hiroso amin'ny adihevitra momba ny volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory.

Niangaviany hanangan-tànana ny Solombavambahoaka izay manan-kambara mba handraisana ny anarany.

Nilaza Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré fa miaina amin-javatra maro isika amin'izao fotoana izao; ho avy ny fifidianana izay ho Ben'ny Tanàna, eo koa ny fandinihana momba ny Tetibolam-panjakana na ny "Loi de Finances".

Manarak'izay, ny fandinihana ny fanovàna ny andininy sasany ao amin'ny lalàna mifehy ny Fifandraisana sy ny Serasera. Zava-dehibe samy manana ny lanjany ireo satria efa nisy aza mikasika ity farany no nitarika savorovo teto amintsika. Manao soso-kevitra izahay raha ny fijerinay ity zavatra aroso ity, tery raha ny fandaharam-potoana handinihana azy telo ireo; koa maninona raha ahemotra amin'ny fotoana tokony hahamety azy, Ramatoa Filoha.

Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle kosa nilaza fa manamafy ny hanemorana ny handihana ny “code de la communication” satria maro ny zavatra maharary ny mpanao gazety tsy voadinika tsara tao anatin’io ka aleo ahemotra, indrindra amin’ny maha mpanao gazety azy ihany koa. Sao ho lasa ankamehana, ka aleo ahemotra. Ny soso-kevitra, aleo atao aorian’ny fifidianana izay ho Ben’ny Tanàna vao hodinihana ny momba azy rehefa mivadika ho lalàna izay vao atolotra ny Minisitery tomponandraikitra.

Nangataka kosa Andriamatoa MAMIHAJA Charlot, fa aleo ahemotra tahaka ny voalazan’ny Solombavambahoaka niteny voalohany ny fandinihana ny “Loi de Finances” satria maro ny mety ho sahirana amin’ny fanomanana ny fifidianana Ben’ny Tanàna sy ny famakiana ny zavatra voasoratra ao anatin’izany “Loi de Finances” izany. Ny soso-kevitra avy aminay, hoy izy, aleo atao aorian’izay fifidianana izay ny fandinihana azy.

Andriamatoa RALALASON Dera Harinjafimino kosa nanamarika fa zava-dehibe ireto zavatra hodinihana mandritra ity fandaharam-potoana ity kanefa ho avy ny fifidianana izay ho Ben’ny Tanàna, hirona amin’izay daholo ny rehetra. Tsapa anefa fa raha ny zava-kendren’ny Fahefana Mpanatanteraka, tokony efa hipetraka io Fitsarana Ambony io. Raha ny toe-javamisy, maro ny Solombavambahoaka no tsy tonga hanao izany fifidiana ireo ho solotenantsika any amin’ny HCJ izany. Mbola soso-kevitra ihany, aleo ahemotra ny fifidianantsika an’ireo olona raha azo atao, Ramatoa Filoha.

Nandray fitenenana fohy, Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, fa aleo ahemotra daholo ireo zavatra telo loha ireo ary rehefa vita ny fifidianana Ben’ny Tanàna, izay vao miroso mandinika azy isika.

Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert kosa raha nomena fitenenana, nanambara fa miom-kevitra amin’ny Solombavambahoaka rehetra niteny teo hoe: aleo ahemotra amin’ny fotoana mampety azy ny fandinihana an’ireo zavatra telo lehibe ireo dia ny “code de la communication” izany, ny fifidianana izay ho solotenantsika ho any amin’ny HCJ ary ny fandinihana ny “Loi de Finances” satria mirona any amin’ny fifidianana izay ho Ben’ny Tanàna avokoa ny sain’ny Solombavambahoaka hatreto.

Taorian’izay, raha nandray fitenenana Ramatoa Filoha dia nanambara fa raha aravona ny fandraisam-pitenenana rehetra teo, fanemorana ny hanaovana ny fifidianana izay ho solotenantsika ho any amin’ny HCJ, fanemorana ny handinihana ny “code de la communication” ary mbola fanemorana ihany koa ny fandinihana ny “Loi de Finances” noho ny fisian’ny fifidianana izay ho Ben’ny Tanàna, hoy izy, no tsapa fa tena anton’izany.

Rehefa izany, nanolotra soso-kevitra, Ramatoa Filoha, fa handraisana fanapahan-kevitra ireo tolo-kevitra avy tamin’ny Solombavambahoaka ireo. Izany hoe: hahemotra daholo ny fanatanterahana ireo zavatra telo lehibe ireo.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 61 no nanaiky fa ahemotra ny fandinihana ny “loi de Finances” sy ny “code de la communication” ary ny fifidianana izay ho solotenan’ny Antenimierampirenena ho any amin’ny HCJ; Solombavambahoaka iray no nitsipaka ary iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa ahemotra ny momba ireo zavatra telo ireo.

Raha ny marina hoy izy, amin'ny faha-13 Desambra 2019 no mitsahatra ny fivoriana arapotoana faharoan'ny Antenimierampirenena; noho izany tsy maintsy atao alohan'ny iafaran'izay fotoana izay ny fandraisana fanapahan-kevitra sy ny fifidianana. Izany hoe, tsy maintsy atao aorian'ny fifidianana Ben'ny Tanàna ireo rehetra ireo.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 57 no nanaiky fa hatao aorian'ny fifidianana Ben'ny Tanàna ny asa rehetra mikasika ireo zavatra telo ireo, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nanao satroka, Andriamatoa RAKOTOMAMONJY Neypatraiky André ary nametraka fanontaniana momba ny "Loi de Finances" hoe: ny Lalàmpanorenana no mametra fa 60 andro isika no mivory ka ho vita aorian'ny fifidianana Ben'ny Tanàna ve izay asa izay satria zava-dehibe io resaka Tetibola hiasana io. Eo anatrehan'izany, mankatoa ny fanapahan-kevitra ny rehetra ny tenany.

Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène indray raha nomena fitenenana, nilaza fa tonga dia mahazo "permission d'office" ny Solombavambahoaka raha hanao fampielezan-kevitra.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RAFIDIMANANTSOA Narson, nanamarika fa sao tara isika ka tokony hofidina ihany ireo ho solotenantsika ho any amin'ny HCJ.

Nitondra fanazavana, Ramatoa Filoha, taorian'izay fa tsy midika hoe rehefa misy fifidianana Ben'ny Tanàna dia tsy miasa ny Antenimiera. Misy ny asam-baomiera araka ireo zavatra hafa tsy niova tao amin'ny fandaharam-potoana. Noho izany, anjarantsika no mandanjalanja izay tokony hatao.

Mikasika ny "Loi de Finances" kosa, 30 andro aorian'ny nametrahana izany teto amintsika no tsy maintsy andaniana azy, fa raha mihoatra an'izay dia lasa avy hatrany any amin'ny "Sénat" izany dia eo isika. Tamin'ny faha-31 Oktobra 2019 ka hatramin'ny 1 Desambra 2019 izany no azontsika iasana momba azy io. Koa raha ny asa heverina fa ho mafy, tsy vahiny amin'izany isika Solombavambahoaka fa afaka miasa alina. Midika izany, fa tsy maintsy vitaina ny asantsika, hoy Ramatoa Filoha. Izany hoe, vitaina alohan'ny hiravantsika izay vao alefa any amin'ny "Sénat".

Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narindrasana indray, raha nomena fitenenana nanontany hoe: aiza ny antontan-kevitra mikasika izany rehetra izany satria tsy manana izy. Azo zaraina mialoha ve izany.

Namaly Ramatoa Filoha, fa azo omena izany izay mbola tsy manana.

Fohy ny fotoana, hoy Andriamatoa NAKANY Charly Zafimagnely, ka tokony hozaraina mialoha ny antontan-kevitra mikasika ny "Loi de Finances" sy ny "code de la communication".



Namaly hatrany, Ramatoa Filoha, fa aorian'ny fifidianana izay ho Ben'ny Tanàna no hanaovana azy ireo ary nomarihany, fa ao anaty "délais légaux" hatrany no iasantsika saingy tsy maintsy vitaina alohan'ny hiravan'ny fotoam-pivoriana izy ireo kanefa tokony handamina ny asam-baomiera ny Filoham-baomiera mba hahatratrarana izany fetra izany.

Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa kosa nanamarika, fa tokony hatao rahampitso ihany ny fampahalalana amin'ny ankapobeny ny "Loi de Finances" mba ahafahana mieritreritra tsara izay tokony hatao vao mandeha manomana ny fifidianana izay ho Ben'ny Tanàna isika.

Namaly Ramatoa Filoha, fa hiezaka hihaona amin'ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy Tetibola ny Birao Maharitra mba handrindrana izany.

Nanontany, Andriamatoa RAKOTOMAMONJY Neypatraiky André, fa ny asam-baomiera ihany ve no mihemotra sa ny fivoriambe momba ny "loi de Finances" ihany koa.

Raha ny marina, hoy Ramatoa Filoha, ny fivoriambe no mihemotra satria manana 30 andro isika hiasana izay vao alefa any amin'ny "Sénat".  
Nomarihan-dRamatoa Filoha koa amin'ny resaka fanemorana, ny Diniky ny Filoha na ny "Conférence des Présidents" no handinika izany.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-pandaharam-potoana nasiam-panitsiana ny mpivory. Izany hoe, nahitana ny fanemorana ny fifidianana izay ho solotenan'ny Antenimierampirenena ho any amin'ny HCJ, ny fandinihana ny "code de la communication" sy ny "Loi de Finances".

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 65 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena nasiam-panitsiana.

Taorian'izay, nomeny fitenenana ny solotenan'ny Governemanta nanatrika ny fivoriana, raha toa misy teny tiany ambara.

Nilaza Ramatoa YAMICOLE Franckline, fa raha jerena ny datin'ny faha-30 Oktobra nahatongavan'ny volavolan-dalàna taty amin'ny Antenimierampirenena, tokony ho tapitra amin'ny faha-30 Novambra izany satria izay no iray volana ary amin'ny 1 Desambra kosa, tokony efa afaka mandinika azy ny "Sénateurs". Nambarany fa ny andininy faha-92, andalana faha-4 ao amin'ny Lalàmpanorenana no milaza izany.

Namaly Ramatoa Filoha, fa anjaran'ny "Conférence des Présidents" no hijery an'izay zavatra voalazan'ny solotenan'ny Governemanta teo izay. Izy ireo no handamina ny momba izay ary tsy maintsy vita ny fandinihana an'io "Loi de Finances" io amin'ity taona ity.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nanamarika Ramatoa Filoha, fa nihemotra ny mikasika ny HCJ araka ny hita teo. Androany amin'ny 3 ora, tolak'andro, kosa no voatondro fa hanaovana ny fanambaram-pananana eny amin'ny HCC Ambohidahy; nanentana ny Solombavambahoaka izay tsy mbola nahafeno ny "imprimés" izy mba hameno izany alohan'ny hanaterana azy eny an-toerana.

Niato tamin'ny 12 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



**RAZANAMAHASOA Christine Harijaona**